TRANGA

Olona 2 no maty vokatry ny fihinana fano na soka-dranomasina

Tranga mampalahelo no nitranga tany amin'ny distrikan' Ambanja, any amin'ny faritra Diana. Olona 2 no maty tany an-toerana, vokatry ny fihinanana fano, na soka-dranomasina. Olona roa no namoy ny ainy tao Maroakao, vokatry ny fihinanana fano na soka-dranomasina izay. Tokantrano maromaro tao Maroakao, kaominina ambanivohitra Anorontsangana, distrikan'Ambanja no nihinana fano, ny 12 oktobra lasa teo. Narary mafy avokoa araka ny vaovao ireo olona ireo. Ny alahady 17 oktobra 2021 teo dia zaza roa tamin'ireo narary no nindaosin'ny fahafatesana, raha mbola maro kosa ireo malemy sy tsy mahatsiaro tena, araka ny fanazavana. Misy amin'ireo marary no efa tonga mitsabo tena ao amin'ny toeram-pitsaboana ao Maromandia, ao koa ireo mbola tavela any an-tanàna. Entanina sy hamafisina hatrany ny rehetra, fa voarara ny mihinana fano, mba tsy hiverimberenan'ny tranga toy izao.

Niaina

Olona marary tsy mahatsiaro tena noho ny fihinanana fano, na soka-dranomasina.

Mirongatra ny halatr'omby any Anjozorobe

Omby 50 tafaverina amin'ny tompony, dahalo 3 sy mpanara-dia 1 lavo

Mirongatra ny halatr'omby amin'izao fotoana any amin'ny tapany andrefan'ny distrikan'Anjozorobe, faritra Analamanga, toy ny any Antanetibe Antivolo. Noho ny ezaka ataon'ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona anefa, tafaverina avokoa ny omby 50, dahalo 3 sy mpanaradia iray no lavo. Tsy mitsahatra miezaka mitady vahaolana mahomby sy maharitra amin' ny ady atao amin'ny asandahalo ireo zandary amin' iny faritra Anjozorobe iny. Anisan'ny vaha-olana ahitam-bokatsoa dia ny fiaraha-mientana eo amin'ny fokonolona sy ny Zandarimaria ao anatin'ny fampiharana ny Tagnamaron'ny Fandriampahalemana. Ny alin'ny 17 oktobra 2021



Zandary, manara-dia dahalo any amin'ny distrikan'Anjozorobe.

dia nisy trangana hatr'omby nataon'andian-dahalo ampolony mitampiadiana mahery vaika, tao Antanatanana, Ambatoasana, kaominina Antanetibe Anativolo, Distrikan'Anjozorobe. Nahetsika avy hatrany ireo zandary mampandry tany amin'iny faritra iny nanao fanarahan-dia sy fiambenana kizo miaraka amin' ny fokonolona ary ny ZAMAMI. Teo amin'ny kizo Marobiby, anelanelan'i Antanetibe Anativolo sy Ambatomanoina, no tratehaka izy ireo, ka raikitra ny fifandonana, ny mamantonalina ihany. Vokany, dahalo 3 no lavo avy hatrany; fokonolona mpikambana ao amin'ny Zamami iray no voatifitr'ireo dahalo ka namoy ny ainy; tafaverina avokoa ireo omby miisa 50 nalain'ny dahalo. Maro ireo dahalo no naratra, fa mbola eo andalam-panenjehana azy any anaty kirihitra any ireo zandary. Bala sy tranom-bala vitsivitsy fampiasan'ny mpitandro filaminana no hita teny an-toerana nampiasain'ireo dahalo. Nanambara ny Kapiteny TOKY, komandin'ny Compagnie Imerina-centrale, izay efa any an-toerana fa tsy hitsitsy manoloana ny habibiana ataon'ireo dahalo ary tsy maintsy hilamina iny faritra iny ato ho ato.

Stefa

Depiote Masy Goulamaly

Tsy misy ifandraisany amin'ny fanalan-jaza an-tsitrapo hono ny lalàna ITG

Fampitsaharana vohoka ara-pahasalamana ho an' ny vehivavy, mba ho fiarovana ny ainy sy ny zaza ary ny mpitsabo, ny tolodalàna mifehy ny ITG (Interuption thérapeutique de grosesse), izay hatolotrin'ny depiote Masy Goulamaly Marie Jean d'arc, voafidy tany Tsihombe faritra Androy, hatao « Proposition de loi », na tolo-dalàna eo anivon'ny Antenimierampirnenena mandritra izao fivoriana ara-potoana faharoa ho an'ny taona 2021 izao. Nanohy fanazavana ity Solombavambahoaka voafidy any amin'ny Distrikan' i Tsihombe ity, fa ny fanitsiana ny lalàna famaizana (Article 317 Code penal Malagasy), izay mandrara ny fanaovana fanalan-jaza n'inona n'inona ny antony sy ny endriky ny lalàna mikasika ny ITG ary voarakitra ao anatin'ny lalàna

Ny depioten'i Tsihombe, Masy Goulamaly.

ITG, fa azo atao ny mampitsahatra vohoka ho an' ny vehivavy ho fiarovana ny ainy, satria tsy afaka mitondra vohoka hatramin'ny faha 9 volana ity farany nohon'ny antony ara-pahasalamany izay mety hahafaty azy. Ankoatra izany, nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa manana safidy hampitsahatra ny vohoka tsy niriany ny vehivavy niharan'ny fanolanana noho ny tsy fahasalamana aratsaina izay manjo azy. Nilaza ny Solombavambahoaka Masy Goulamaly, fa raha misy zaza izay mbola ao anaty kibo manana fahasembanana, ka fantarin'ny Dokotera fa hahafaty ny Reniny ny fitomboan'ny zaza raha mahatratra 9 volana dia afaka miaro ny mpitsabo ny lalàna mifehy ny ITG raha toa ka misy ny fanalan-jaza. Nanamafy ny Solombavambahoaka Masy Goulamaly, fa hiaro ny mpitsabo ihany koa ity lalàna ity manoloana ny fitoriana ataon'ny fianakaviana raha toa ka niroso tamin'ny fanalan-jaza ny mpitsabo nohon'ny antony maro samihafa, ka mety haningotra ny ain'ny renin-jaza . Namarana ny fanehoan-keviny ity olomboafidy ity, fa tsy misy ifandraisany amin'ny fanalan-jaza antsitra-po izay ataon'ny olona iray ny lalàna mifehy ny ITG.

Na antony ara-pahasalamana na inona ny fanalan-jaza dia efa famonoan'olona izany, ka mbola tsy eken'ny fiaraha-monina Malagasy aloha hatreto, indrindra tsy eken' ny fivavahana sy antokom-pivavahana samihafa misy.

Franck Razakambelo

Kaominina Ampitatafika Atsimondrano

Nahazo sekoly EPP tohana avy amin'ny mpamatsy vola

Ho tokanana amin'ny herinandro ho avy io ny sekoly Epp ahitana efitrano miisa dimy, ao amin'ny fokontany Ambodiafontsy sy Ambohimangidy, samy ao anatin'ny kaominina Ampitatafika, distrikan' Antananarivo Atsimondrano. Fiaraha-miasan'ny kaominina sy ny mpamatsy vola avy any "Irlande du nord", no nahavitana ireo foto-drafitr'asa, izay ho tokanana tsy ho ela. Tsy ny sekoly Epp ihany, fa nahazo sekoly Ceg ihany koa ny kaominina Ampitatafika, izay sekoly anisan'ny tsara kalitao indrindra ao amin'ny distrikan' Antananarivo Atsimondrano. Tsy ny sehatry ny fanabeazana ihany, fa mitohy ihany koa ny fametrahana jiro an-dalambe izay mifandray amin'ny jiron'ny Jirama sy ny avy amin'ny herin'ny masoandro, ary rahampitso dia mitohy ny fametahana azy ireo, satria tsy latsaky ny roapolo isa isam-bolana no apetaka, mba hialàna amin'ny tsy fandriampahalemana eny an-toerana. Mbola anisan'ny ezaka ihany koa ny fametahana " bac à ordure" isaky ny fokontany ho fitandroana ny fahadiovana izay antoky ny fahasalamana. Nilaza hatrany ny ben'ny tanàna, Rado Ramparaoelina, voafidy tamin'ny lisitra TIM, fa mitohy ny asa satria kaominina tsy mena-mitaha amin'ny hafa ary sangany ity kaominina ity raha mitaha amin'ny kaominina eto Madagasikara.

Rajo

Ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina.

"Rugby Doppel Top 20- 2021"

Andro farany amin'ny fifanintsanana amin'ny alahady

Hifarana amin'ny alahady 24 ôktôbra 2021 ho avy izao ny dingana fifanintsanana eo amin'ny fifaninanana rugby, fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy federaly 1, na ny "Doppel Top 20- 2021". Hiato kely aorian'izay ny fifaninanana ao amin'ity sokajy ity, mialohan'ny hidiran'ireo fileovana tafita hiatrika ny dingana famaranana: 1/8-dalana, ¼-dalana, ½-famaranana ary ny famaranana. Ireo lalao 4 harahina amin'io alahady 24 ôktôbra 2021 io : 09:00-Uscar Commune # XV Fa Ampasika, 11:00-3Fai Vakinankaratra # Ftba Andohatapenaka, 13:00-Ftm Manjakaray # Scb Besarety, 15:00-Tfa Anatihazo # Usa Ankadifotsy.

Rainilita

Doppel Top 20- 2021.